# “Nisy lehilahy naratra teo alohanao, ka natahotra izy, dia naka antsy ka notapahiny ny tànany, ary tsy nitsahatra ny rà mandra-pahafatiny. Niteny I Allah manao hoe : Nihazakazaka nanatona Ahy tamin’ny tenany ny mpanompoko, ka norarako ho azy ny Paradisa”

Tatitra azo avy tamin'i Al-Hasan niteny : Niteny taminay i Jondob bin Abdollah (R.A) tamin'ity moske ity, Tsy adinonay hatramin’ny nilazanay izany, ary tsy natahotra izahay sao i Jondob nandainga tamin’ny irak’Allah (S.A.W) izay nilaza manao hoe : “Nisy lehilahy naratra teo alohanao, ka natahotra izy, dia naka antsy ka notapahiny ny tànany, ary tsy nitsahatra ny rà mandra-pahafatiny. Niteny I Allah manao hoe : Nihazakazaka nanatona Ahy tamin’ny tenany ny mpanompoko, ka norarako ho azy ny Paradisa”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitatitra ny Mpaminany (S.A.W) fa tamin’ireo izay tonga teo alohanay dia nisy lehilahy iray izay naratra ary tsy nahazaka ny fanaintainana, ka nandray antsy izy ary nanapaka ny tànany tamin’izany, manafaingana ny fahafatesana dia tsy nitsahatra ny rà mandra-pahafatiny. Niteny i Allah manao hoe : Nihazakazaka nanatona Ahy tamin’ny tenany ny mpanompoko, ka norarako ho azy ny Paradisa”.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/2981

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee